WIKIPEDIA

Fiteny kantoney

Ny **fiteny kantoney** (amin'ny fiteny sinoa mandarina ary kantoney : 粵语 (sinôgrama nentindrazana), 粵語 (sinôgrama notsorina, tononina hoe *Yuè yǔ* amin'ny teny manadarina ary *Jyut*^{6} *jyu*^{5}) dia fiteny sinoa tenenina any atsimon'i Sina, ao amin'ny faritan'i Guangdong, i Guanxi any Hong Kong ary any Macao.

Samihafa amin'ny fiteny sinao mandarina ny fiteny kantoney ary betsaka noho ny fahasamihafan'ny fiteny espaniola sy ny fiteny frantsay ny fahasamihafan'ny fiteny kantoney sy ny fiteny mandarina. Mora mifankahazo ihany anefa ny mpiteny mandarina sy ny mpiteny kantoney amin'ny fiteny an-tsoratra, noho ny sinôgrama mitovy.

Ny mahasamihafa ny fiteny kantoney amin'ny fiteny mandarina amin'ny lafin'ny fanononana, dia ny fiteny kantoney manana haabom-peo sivy (efatra ny haabom-peo ampiasain'ny fiteny mandarina), izany hoe misy fomba sivy samihafa ny hanononana vaninteny iray, ary samihafa ny zavatra tenenina arakarak'izay haabom-peo izay. Sady matetika mifarana amina renifeo ny vanintenin'ny fiteny kantoney sady betsaka noho ny fiteny mandarina ireo renifeo mahazo mamarana vaninteny (*-p, -m, -n, -ng, -k, -t*), anefa amin'ny fiteny mandarina roa fotsiny no isan'ireo renifeo mahazo mamarana vaninteny (*-n, -ng*).

Soratana amin'ny alalan'ny sinôgrama ny fiteny kantoney, ary maromaro amin'ireo sinôgrama ampiasainy ireo no tsy miasa na tsy hita intsony amin'ny fiteny mandarina (afaka manonona azy na tsy dia mampiasa azy firy). Ohatra (dikan-tsoratra jyutping)

Saritany maneho ny toerana itenenana ireo fiteny sinoa

- 佢 *keoi5*, « izy, azy » (tononina *qú* amin'ny teny mandarina fa tsy misy dikany ; 他 *tā* no hampiasaina) ;
- 冇 *mou5*, « tsy manana» (amin'ny fiteny mandarina *mǎo*, tsy misy dikany ihany koa. 沒有 *méiyǒu* no ampiasaina) ;
- 唔 *m4*, [tsy] (*wú* amin'ny fiteny mandarina, anononana ny feonjavatra ; 不 *bù* no ampiasaina amin'ny fiteny mandarina);
- 係 *hai6*, « être » (*xì*, izany hoe mampandray ; 是 *shì* no ampiasaina);
- 乜 *mat1*, « inona » (*mie*, tsy misy dikany. 甚麼/什么 *shénme* no ampiasaina).

Hita tao amin'ny "https://mg.wikipedia.org/w/index.php?title=Fiteny_kantoney&oldid=958553"

Voaova farany tamin'ny 29 Novambra 2018 amin'ny 08:24 ity pejy ity.

Azo ampiasaina araka ny fepetra apetraky ny lisansa Creative Commons Attribution-ShareAlike ; Mety misy ny fepetra fanampiny mihatra. Jereo fepetram-pampiasana ho an'ny antsipirihany.